

29 Aprily 2010.

Le 15 Iyar 5770.

Irery.

« Iza moa Ity avy any Edoma, dia avy any Bozra, ka mena mangatrakatraka ny fitafiany, dia Ity Izay mareva-pitafiana sy miandranandrana amin'ny haben'ny heriny? Izaho Izay mitory fahamarinana sady manan-kery hamonjy. Nahoana no mena ny fitafiana, ary ny akanjona no tahaka ny an'izay manosihosy ny famiazam-boaloboka ? Nanosihosy ny famiazam-boaloboka irery Aho; fa tsy mba nisy niaraka tamiko ny avy tamin'ny firenena na dia iray akory aza; nanitsaka ireny tamin'ny fahatezerako Aho sy nanosihosy azy tamin'ny fahavinirako, dia nipitipitihan'ny ràny ny fitafiako, ka voalotoko ny akanjoko rehetra.. » (Isaia 63:1-3)


Ny ady lehibe nandritra ny taonjato rehetra, ny fifanandrinan'i Kristy sy Satàna dia azo fintinina ho toy izao: ilay ady tany an-danitra niafara tamin'ny nandroahana an'i Satàna tany, ny fitsapàna tao Edena, ny nangalàna fanahy an'i Jéso sy tany an'efitra, ny tolona tao Gétsemané; ary ny fanapotehina farany an'i Satàna. Ny tao Gétsemané no tena nampangitakitaka indrindra.

Rehefa nanakaiky ny jaridaina Jéso sy tamin'io alina io dia **« nalahelo am-po sy ory indrindra. »** Izy. Noho ny fahatahorany sao hosolafaka Izy dia niangavy ny fanoanan'ny mpianatra. Dia hoy Izy tamin'ireoy: **« Fadiranovana loatra ny fanahiko, toy ny efa ho faty; mitoera eto, ka miaraha miari-tory amiko »** Dia nihataka kely ny mpianatra izy mba hivavaka tsy nandohalika fa kosa nihankohoka noho ny faharerahana vokatry ny fitolomany mafy. (Matio 26: 37-39)

Fa nahoana no misy izany fitsapàna izany tao amin'ny fanahiny? Matahotra ny hiatrika fampijalijalina azy hatramin'ny fahafatesana ve izy? Tsia fa miatrika tolona lalina mbola mafy indrindra noho ny fahafatesana izy. Eo an-tsorony ny voka-dratsin'ny fahotàn'ny taranak'olombelona manontolo! Ilay izay nifanaraka toe-piaina tamin'ny Ray dia mangovitra ankehity satria lasa sarin'ny fikomiana an'io Ray io! Tsapany sahady fa miala tsikelikely tao aminy ireo tara-pahazavàna sy fitiavan'ny Rainy.

Tao anatin'ny fahorianty lalina, ny tavany dia mitohoka amin'ny tany amim-pitebitebena fatratra. Dia nitodika tamin'ny zana'olombelona izy hitady famelom-belomana. Nitondra tao Aminy rohy mampifandray ny tany amin'ny Lanitra mantsy Izy. Teo amin'io fotoana fakam-panahy io dia nitady hery sy famonjena tamin'izy ireo Izy. Kanefa dia voatery niady irery; voatery nandray fanapahan-kevitra samirery Izy satria sondrian-tory ireo ary Andriamanitra dia nanatsoaka teo Aminy ny fankasitrahany Azy manokana.

Raha mahatsiaro irery ianao ary tsy misy namana; tsarovy fa tsy nisy na dia iray aza nahatsiaro irery tahaka an'i Jesosy tamin'io fotoana io. Fa inona no anton'izany? Satria mba tsy ho irery mandrakizay ianao **« Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin'ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy. »** (Hebreo 2:18) .Aoka hilamintsaina ianao, satria manana ilay namana tsara indrindra.



<http://schwintner.chez-alice.fr/>